ANKADINDRATOMBO 4

# NAMOY NY AINY ILAY ZAZALAHY 1 VOATSINDRIN'NY KAMIAO


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7496 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 14 febroary 2023


MARINA IZANY ! 7

## NAMPIHORON-KODITRA !

TENCE MENA SY NAEJ 2

## MANKALAZA NY FETIN'NY MPIFANKATIA ANY FRANTSA



FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA 7

# KANDIDÀ 10 NO HITA TARATRA, 3 NO EFA NANAO FANAMBARANA









FIFIDIANANA BEN'NY TANÀNA 7

## TAKIAN'NY MMM NY HAMOAHANA NY DATY

HERY RAJAONARIMAMPIANINA

## MIEZAKA MAMPITAMBATRA IREO MPANARA-DIA AZY 7



Apetraho amin'i *mahaleo* ny fanontanianareo

## À VOUS LA PAROLE

Ny tapakila dia ho hitanareo eo amin'ny pejy > 2







Tence Mena sy Naej

# Mankalaza fetin'ny mpifankatia any Frantsa

*Fivoahan'i Tence Mena sy Naej niaraka nitety faritra any ampitandranomasina voalohany ity fankalazana ny fetin'ny mpifankatia ity.*

Anio, talata 14 febroary no hankalazaina manerana ny firenena maro maneran-tany ny fetin'ny mpifankatia. Efa nanomboka tamin'ny faran' ny herinandro teo ireo karazana hetsika manodidina ny fankalazana izany fety natao ho an'olon-droa izany. Tsy tara amin'izany ny mpanakanto mpifankatia. Any Frantsa no hankalaza izany miaraka amin'ireo mpifankatia any an-toerana i Tence



**Nanome hafanana ho an'ny mpifankatia any Frantsa izy roa ireto.**

Mena sy Ayo Naej. Fitetezamparitra mandritra ny iray volana eo ho eo no tanterahan'izy roa ireto any an-toerana. Nanomboka ny 10 febroary teo ny dian'izy ireo ary tsy mifarana raha tsy ny faran'ny volana martsa. Tany Lyon ny fiakarana antsehatra voalohany ny zoma 10 febroary ary nitohy tany Marseille ny sabotsy 11 febroary 2023. Ny sabotsy 18 febroary kosa dia ao Parisy , Quimper ny tohin'ny hetsika hiarahan'izy roa mpifankatia ireto. Amin'ny ankapobeny, dia hanjaka ny fampiaraham-peo hirampitiavana izay niarahan'izy roa hatramin'izay. Fa anisan' ny hoentin'i Tence Mena mitety faritra any Frantsa ihany koa ilay vazo vaovao « *Mpandresy* ».

**Bempankafy**

Hira mandona ny fon'ny mpankafy avy hatrany ilay « *Mpandresy* » sy ny rindran-tsary mandravaka azy. Herinandro teo ho eo izao no nivoahan'izany tamin'ny tambajotran-tserasera fa efa eny ambavan'ny mpankafy mozika sahady. I Tence Mena mihitsy no milalao ao anatin'ilay rindran-tsary ary niezaka nampiaina ny tononkira ka izay no vao mainka nampisy lanjany ny kantony. Rindran-tsary mitondra fanantenana ho an'ny rehetra izy io. Nandritra ny lanonana nandraisana ny Barea teny Mahamasina no niangalian'i Tence Mena io vazo vaovao io voalohany an-tsehatra.

Ankoatra ny « Mandresy », dia voafidy ho « meilleur artiste afro féminine » ihany koa i Tence Mena tao anatin' ilay Rdj Mozika Award fanaon' io haino aman-jery io isantaona.

Fy

Asa fanaovan-gazety

# Nisokatra ny fiofanana atolotry ny "Habaka e-mangazina"

Manolotra Fiofanana ho an'ny mpanao gazety etsy amin'ny biraon'ny Ojm Ambohidahy ny "Habaka e-mangazina". Noho ny fahatsapan'izy ireo ny hamaroan'ny tanora misehatra amin'ity asa ity ary indrindra ny fahitana fa mila hamafisina ny fahaizamanaon'ny mpanao gazety matihanina no nahatonga azy ireo hanao izany. Mpikambana 6 ao amin'ny Mpanao Gazety Zokiolona efa manana traikefa no nantsoin'ny "Habaka e-mangazina" hampiofana. Omaly no nampahafantarina ny fanombohan'ny fiofanana raha tsy any amin'ny volana Mey any. Isaky ny Talata sy Asabotsy isaky ny amin'ny 8 ora ka hatramin'ny 12 ora antoandro ihany mantsy ny fiofanana « *Ho feno ny fiofanana satria ho resahina avokoa ireo teboka manahirana ny mpanao gazety amin'izao fotoana izao ary lesona tsy ho hampianarina any an-dakilasy mihitsy no hatolotra ny mpiofana saingy afaka mifameno tsara amin'ny fianarana momba ny serasera sy ny asa fanaovan-gazety* » hoy ny Tale, Lalao François Rabenandrasana omaly. Anisan'ny ampitaina ho an'ireo mpiofana ohatra ny mikasika ny filazana vaovao diso na niniana disoina sy ny fifandraisan'ny mpanao Politika sy ny mpanao gazety amin'izao ankatoky ny fampielezan-kevitra izao. Hizara ny traikefany momba filazam-baovao amin'ny ny Radio sy ny fahitalavitra Jean Victor Randriarison (Rnm). Ilay mpakasary teratany FrantsayJean Pierre Mellaert (Tintin) hampianatra ny fampiasana fakan-tsary mba hahazoana sary mazava sy tsara rehefa manao fanadihadihana. Ankoatra izay hizara ny traikefany i Patricia Rafenomanjato mpanoratra sy mpikabary ary mpanao gazety, Monica Rasolarisoa, Naina Rakotojaona, Elysée Rakotoarijaona.



**Mpikambana 6 ao amin'ny Mpanao Gazety Zokiolona efa manana traikefa no hampiofana.**

**Natao hoan'ny rehetra**

Afaka manatrika izany avokoa ny rehetra toy ny mpianatra eo amin'ny asa fanoavan-gazety sy ny serasera ary afaka mandalina ihany koa ireo efa amperin' asa.Tsy dia lafo ny sarany fa natao izay hampandehanana ny fiofanana fotsiny satria misy ny antontankevitra an-taratasy ho zaraina. Tsy hihanona fotsiny amin'ny tetikady eo ambony latabatra ny fiofanana fa eo dia eo ihany koa ny fidinana ifotony hijerena ny zavamisy. Ary aorin'ny fiofanana dia hahazo taratasy fanamarinana ny rehetra. Mbola tsy tara raha izao vao hisoratra anarana nefa na izany aza dia voafidy ihany ny toerana ka izay tonga aloha ihany no voaray.

Tiaray R

Ampangabe

# Velaran-tany 3 Ha novolena zanakazo 60 000

Namboly hazo tany Ampangabe ny fianakaviamben'ny minisiteran'ny harena ankibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika, izay notarihin'ny Minisitra Rakotomalala Olivier Herindrainy. Zanakazo 60 000 no novolena tamin'ny velaran-tany 3 Ha (Hekitara), tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, tao amin'ny fokontany Ambohibarikely, kaominina ambanivohitra Ambalavao. Tonga nandray anjara ny mpiasan'ny minisitera foibe sy ireo rantsa-mangaikany, ny solontena avy amin'ny mpiara-miombona antoka, ny fikambanan'ireo mpisehatra amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy ny fikarohana solitany, ny fikambanan' ny injenieran'ny harena ankibon'ny tany, ny federasionin' ny mpitrandraka madinika, ny fiarahamonim-pirenena, sns. Tany nohajarian'ny OMNIS tao anatin'ny 37 taona ity nambolena hazo ity, ary velaran-tany 32,5 Ha no efa rakotra ala tamin'ny alalan'ireo hazo 200 000 efa natsatoka.

R. Muray

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Mivezivezy ny fanahy, toa manao kivazivazy mitady anjara ho azy. Ny mahagaga dia izao : ny mitady tsy mahita fa ny fo no mahalala sy mahita tsotra izao."


**Ny Vetso (28.02.14)**

("L'esprit cherche et c'est le cœur qui trouve." Georges Sand)

"Rahoviana" - Sarimihetsika

# Efa mitety faritra any ivelany amin'izao

Efa vita soa aman-tsara ilay sarimihetsika iray izay nokarakarain'i Joseph D'af sy ny ekipany mitondra ny lohateny hoe: "rahoviana". Teo amin'ny roa taona teo no namolavolan'izy ireo izany. Sarimihetsika tsotra kanefa mafonja ny anatra entiny. Efa alefa mitety faritra any ivelany izany amin'izao ka raha araka ny fandaharam- potoana efa nivoaka amin'izao dia ny faran'ny herinandro izao izany no ho alefa ao Paris sy any Allemagne. Amin'ny alahady izao koa dia hisy ny




fandefasana izany ao amin'ny 3 frères Andrefan' ambohijanahary. Raha tsiahivina dia sarimihetsika iray izay notsoahina tao amin'ny baiboly izy io avy amin'ilay tantaran'ny zanaka adala. Somary novaina kely ary natao mifanaraka amin'ny tantaran'ny tanora sy ny fiainampitiavany izany. Tanjona tian'ny mpanoratra ho tratrarina amin'izany kosa ny mba hisintona ny tanora hisafidy an'Andriamanitra hatrany amin'izay atao rehetra. Fa eo koa ny hanaparitaka ny filazantsara ho an'ny rehetra. Misokatra amin'ny rehetra moa ny fiaraha-miasa ho an'izay maniry ny mba handefasana izany sarimihetsika izany. Efa misy ny laharan-tariby ao amin'ny pejy fesibokin'i Joseph D'af ahafahana mifandray aminy.

Tanya.R



Atsimo Andrefana

# Mitaraina ho tsy manana asa ireo tanora

*Miantso ny fitondram-panjakana hanokatra ny tetikasa Base Toliara.*

Tapi-dalan-kaleha ireo tanora ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Mitaraina ho tsy manana asa ny ankamaroan' ireo tanora zanaky ny faritra, indrindra fa ireo vao nahavita fianarana noho ny tsy fahampian'ny orinasa any an-toerana. *"Miantso ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra ary ireo mpikamban'ny governemanta izahay mba hamerina hanokatra ny tetikasa Base Toliara. Maro ireo tanora eto Toliara sy ato Atsimo Andrefana tsy an'asa. Ho tafiditra miasa ny ampahany amin'izy ireo raha tanteraka ny fanokafana an'ity tetikasa ity ary hisitraka fampiofanana koa ireo tanora sy vehivavy."*, hoy i Naina, filohan'ny FITAZA (Fikambanan'ny Tanora Zanak'i Toliara). Efa nanomboka tamin'ny taona 2009, fotoana nijoroany, no niaro ny tombotsoan'ireo tanora ny FITAZA, izay misandrahaka amin'ny fokontany 41 ao anatin'ny distrikan'i Toliara I. *"Mijaly ireo zanaky sy zafikelinay. Ny faniriako dia ny hahitan'izy ireo asa."*, hoy Rambelo Nasily, zokibe ao anatin'ny fikambanana. Samy mafana fo amin'ny fitakiana avokoa ireo mpikambana na lahy na vavy. Nanamafy ireo vehivavy mpikambana fa trapahasahiranana izy ireo noho ny vadin'izy ireo tsy an'asa. *"Mangataka amin'ireo Minisitra sy solombavambahoaka ary Ben'ny tanàna izahay mba hanosika ny fanokafana ny tetikasa Base Toliara. Izany no ilainay aty ary manainga ireo Raiamandrenibe hijoro hanohana ny fitakianay."*, hoy Noro Françoise, vehivavy mpikambana ao amin'ny FITAZA.

### Nahavita

Maro ireo asa efa natomboky ny Base Toliara talohan'ny fampiatoana azy. Anisan' izany ny famindrana ireo fasana tafiditra ao anatin'ny faritra nahazoany alalana. *"Fasana 38 no efa nafindran' ny Base Toliara, izay nampanarahana ny fombafomba sy ny fomban-tany rehetra. Mbola misy 55 hafa tokony hafindra. Tsy fantatra intsony hoe ovina no hanantarehana ny fikarakarana azy ireo taorian'ny fiatoan'ny Base Toliara. Torak'izany koa ny fanonerana ny tany ampiasain'ny tetikasa."*, hoy i Kozatsy, Raiamandreny ao amin'ny kaominina Tsianisiha. Efa nahavita nanofana tanora 24 tany Kenya ary nanofana tanora teo amin'ny 500 teto an-toerana momba ny fanamboarana biriky, tao trano, fiompiana, sns, ny Base Toliara. Nambaran'ity Raiamandreny ity fa : *"Misy amin'ireo tanora manana mari-pahaizana bakalôrea sy Bacc+3 no lasa mpitari-posy noho ny tsy fisian'ny asa. Misy mihitsy aza ireo lasa jiolahy. Raha mandeha ity tetikasa dia mety hitsahatra ny asan-dahalo. Tsy mponina avy eto aminay ireo manohitra ny Base Toliara fa mpikarama an'ady."*.

**R. Muray**

Fikambanana Masikoro Arivolahy

# Hamory olona marobe hanohitra ny tetikasa "Base Toliara"

Anio no voalaza fa hiverenan'ny tetikasa "Base Toliara" hitrandraka raha ny nambaran'ny talen'ny seraseran'ny "Base Toliara" tamin'ny Fikambanana Masikoro Arivolahy rehefa nampivory ny solontenan'ity FIMA ity. Manoloana an'io vaovao io dia efa nampiakapeo andro vitsy lasa izay ny FIMA fa " hamory olona marobe hanohitra an'io tetikasa io izahay ary tsy hanaiky hatramin'ny farany ny hiasanan'io tetikasa io any Toliara. Efa nisy ihany koa ny fakana ny hevitr'ireo olobe avy any Toliara izay eto Antananarivo nataon'io tetikasa io tamin'izany. Manahy mafy ny hisian'ny vokadratsy sy fahasimbana maro izahay ka isan'izany ny hahasimba ny jono ataon'ny Vezo sy ny Zanadriake, tsy maintsy hampiasa rano marobe koa io tetikasa io, tsy maintsy hanao lavaka lalina be ihany koa, ho tapatapahana ny alan'ny Mikea izay misy : Baobab, tambavy maro, ny hazo farafatsy izay fanaovan-dakana, ny hazo malany ... sns... izay ilain'ny olona amin'ny fiainana andavanandro avokoa ireo", hoy Atoa Tsafidy Kalay Harison, filohan'ny FIMA. Ankoatran' io fitrandrahana izay voizin' ireo olona sasany fa tokony hampandehanina io annefa dia "misy vahaolana avy aty aminay dia tokony haverina velomina avokoa ireo orinasa izay efa nisy tao Toliara hatramin'izay isan'izany ilay orinasa fanaovan-tsavony; ny SOMATEX izay namokatra vovon-dandihazo (coton) izay sady mamboly no manodina izany ho lasa lamba ihany koa. Ny TOLI no nanao an'ireny fitaovana ampiasan' ny tantsaha ireny ary mbola ao avokoa ny fitaovana syny fotodrafitrasan'ireo orinasa ireo", hoy kosa Ato aRakotoarisoa Gilbert, filoham-boninahitry ny FIMA.

### Manan-karena

"Ho an'ny Fikambanan'ny Masikoro Arivolahy ity dia ny fitadiavan'ny tetikasa Base Toliara toerana hafa sy miala ao Toliara no vahaolana aminay. Efa nenjehan'ny vahoaka tany Fort Dauphin io tetikasa io vao nifindra any aminay. Manan-karena amin'izay akora rehetra ilaina ny ao amin'ny Faritra Atsimo Andrefana ka afaka hampijorona orinasa maro hisian'ny asa hahafahan'ny olona rehetra mahazo tombontsoa toy ny fisiana voanjo sy ny tournesol izay afaka ahodina ho lasa menaka. Manao antso amin'ny fanjakana izahay hijery ny vahoaka satria tsy nisy étude socio-economique io tetikasa io. Tsy maintsy hampahafantatra ny vahaoka any Ankilimalinika izahay fa zava-doza no hiseho raha handeha io Base Toliara io. Aminay mba tsy hampisarabazana an'i Toliara dia aleo ajanona io tetikasa io", hoy hatrany Atoa Tsafidy Kalay Harison, filohan'ny FIMA. Ny fanapahan-kevitry ny fanjakana araka izany sisa no andrasana na ho sahy hanome alalana na tsia ny hahafahan'ny Base Toliara hitrandraka fasimainty any an-toerana.

**HAR**

Famatsiana rano ao Maevatanana

# Zara raha misitraka rano 25m³ amin'ny filana 65m³ ny mponina



Ora iray isan'andro ihany no mandeha ny paompy ao Morafeno kely ary ferana ho 2 bidon isan-tokantrano ny rano azo alaina.



Hamaha amin'ny ampahany ny fijalian'ny mponina ny fahazoana ireto citernes roa ireto.

Anisan'ny toerana mijaly rano i Maevatanana. Ranon'Ikopa kely no sontomina ampiasain'ny olona rehetra ho sotroina sy anasana ary hanondrahana fambolena. Rehefa vanim-potoana fahavaratra, tapaka mihitsy ny rano ary mivadika volontsokola ny lokony. Rano ho sotroin'ny mponina amin'ny andavanandro anefa io ka rehefa tena tsy misy dia any Ikopa no mandefa sarety maka rano ny olona. *"Vidiana 1000 ar ny rano bidon mavo iray tonga aty an-trano rehefa alaina any Ikopa. Misy ihany anefa ny toerana misy paompy tany saingy tsy maharaka indrindra rehefa fotoana main-tany be. Mijaly izahay ary izany zavatra izany tsy izao no niainanay azy fa efa an-taona maro nifandimby."* Hoy i Tony, raimpianakaviana monina ao Maevatanana. Nanamafy izany fijaliana iainan'ny mponina amin'ny fisotrahana rano fisotro izany ny filohan'ny fokontany Morafenokely, Rakotondrazafy Justin. *" Adiny iray ihany mande paompy amin'izao fotoana izao indrindra ho anay ambony toerana. Vao miakatra ny ranon'Ikopa dia tototra ny fasika ny fitoeran-drano any ifotony. Nisy tetikasa iray izay namboarina ihany koa any fa be loatra ny rano ka simba ny fantsona ka nampitombo ny olana. Efa mpahazo anay isan-taona izao tranga izao ka ferana 2 bidon isantokantrano ny rano zaraina. Ny siniben-drano eto tsy maharaka."*.

### Tsy mahafeno ny filana

Ny Talem-paritry ny rano fidiovana sy fanadiovana Ramarokoto Andriamifidy dia nanamafy fa misedra olana amin'ny rano ny eto Maevatanana na Fahavaratra na main-tany. Misy toerana roa fakana rano dia any Ikopakely izay lavadrano no alaina sy ny barazy ao Anandronjia. Rehefa fahavaratra toy izao dia tondra-drano sy rakotry ny atsanga sy fasika ny lavadrano ao Ikopakely. Tsetsin'ny fasika kosa ilay barazy. Rehefa miakatra ny rano dia somary mafimafy , mifoaka ny fantsona mitondra rano any an-tanana. Vokany, tsy maintsy tapaka ny rano. Rehefa main-tany kosa, ritra ny rano ka tsy ampy ny famatsian-drano sotroin'ny olona. Mahatratra 65m3 ny filan' ireo mponina 26 000 ao Maevatanana saingy 25m3 amin'io ihany no misy. Vokatr'izany, voatery zaraina isaky ny kartie ny rano ary tsinjaraina mandritra ny tontolo andro.

### UNICEF

Ho fanampiana izany olana goavana amin' ny fahazoana rano fisotro madio izany, nanolotra citernes roa mahazaka rano 10m3 avy ho an'ny Jirama ao Maevatanana ny UNICEF. Nisy moa fangatahana nataon'ny fitaleavamparitry ny rano ka namaly ny antso ny mpiaramiombon' antoka. Tafiditra ao anatin'ny asa hamehana sy fiomanana mikasika ny maha olona ataon'ny Unicef izao fanolorana izao. Maevatanana rahateo anisan'ny nitondra faisana taorian'ny rivodoza Cheneso ary betsaka ireo ankizy sy reny mitodnra vohoka no mila fanohanana manokana mba hisorohana amin'ny karazana aretina avy amin' ny fisotroana rano tsy voadio. Mikasika ny lokon'ny rano volon-tsokola ampiasain'ny mponina dia nilaza ny talem-paritry ny rano fidiovana sy fanadiovana Ramarokoto Andriamifidy sy ny tomponandraikitra voalohan'ny Jirama ao Maevatanana Randriambololoson Soloniaina, fa : *" Tsy madio ilay rano, efa antitra ny fotodrafitrasa. Ny lokon'ny rano no tsy fotsy rehefa betsaka ny orana fa kosa azo antoka ny tsy fisian'ny aretina sy mikraoba intsony satria efa mandalo fitiliana sy fanadiovana izay vao miparitaka isan-tokantrano. Raha diso be loatra ny akora fanadiovana rano dia tsy mahasalamana kanefa miovaova be ny kalitaon'ny rano avy any Ikopa tonga any amin'ny toby fiantsonan'ny rano na eo aza ny fanadiovana atao. Efa misy kosa ny fangatahana atao hanatsarana izany toe-draharaha izay."*. Ny faritra kosa efa nahavita lavadrano 11 hatramin'ny 2022 ary ampiasain'ny olona izy ireo hamahana ny olana.

**Nath**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* MM Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, lamba, kiraro sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-10)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-1)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-8)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 467/4-4)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-8)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 468/7-5)

### MITADY ASA

* Mitady asa Secrétaire, Serveuse, Vendeuse vonona avy hatrany. Tél : 033.42.233.68. (G-BA 471/2-1)

Ankadindratombo - Loza mahatsiravina

# Namoy ny ainy ilay zazalahy iray tamin'ireo 3 voatsindrin'ny kamiao

*Mbola any amin'ny hopitaly ireo roa vavy naratra.*

Tohin'ny lozam-pifamoivoizana tetsy Ankadindratombo nahazo ilay kamiao mpitatitra ranon-tany ka naharatrana olona 3 tao, afakomaly maraina tokony tamin'ny 7 ora tany ho any. Araka ny angom-baovao dia namoy ny ainy ilay tovolahy sahabo ho 16 taona anisan'ireo olona telo voatsindrin'ilay fiara be. Efa nentina teny amin'ny toeram-pitsaboana ihany izy saingy tsy avotra taorian'ny fandindiana natao azy. Hatreto dia voalaza fa mbola tsy tonga teny an-toerana hatreto ny fianakavian' io zazalahy io. Ireo roa vavy naratra kosa mbola maratra any amin'ny hopitaly, taorian' iny loza iny. Mandeha ny fanadihadiana ary voatazona ao amin'ny polisin'ny kaomisaria Alasora ilay mpamily nahavanon-doza. Raha hiverenena ny tranga dia olona 4 no naratra mafy vokatry ny loza nahatsiravina tetsy Ankadindratombo. Fiara be no tafavoaka ny lalana tokony nalehany ka nifatratra tamin'ny andrin-jiro ary avy eo nanindry olona teny amoron-dalana. Niala lavaka ilay kamiao mpitatitra ranon-tany ka tsy nahafehy ny familana intsony ny mpamily noho ny fandehanana mafy loatra. Avy any atsimo sahala amin'ny hoe avy any lavoloha izy no ankany Ambohimangakely iny. Tonga teo amin'ny "rond-point" akaikin'ny "domaines" no nitranga ny loza. Nifatratra tamin'ny andrin-jiro ilay fiara ary avy eo nandona ireo olona 3 nipetraka teny amin'ny sisin-dalana.

**Ariel D.**

Ankazoabo Atsimo

# Fisotroana toaka niafara tamin'ny fifamonoana, lehilahy iray maty

Lehilahy iray no maty novonoin'ireo roa lahy niara-nisotro toaka taminy tany amin'ny fokontany Besavoa, any amin'ny distrikan' Ankazoabo atsimo ny sabotsy lasa teo. Niaraka nisotro toaka tao amin'ny toerana iray ireo telo lahy ireo, tany amin'ny fito kilometatra miala an'ity distrika voalaza etsy ambony ity. Rehefa elaela nipetraka teo dia niakatra ny alikaola ka samy mamo izy ireo. Nanomboka teo no nisy ny fifandisoan-kevitra teo amindry zalahy ka nahatonga ny fifanolanana teo amin'izy ireo. Tsy fantatra mazava aloha izay tena antony nahatonga ny disadisa fa raikitra ny fifamaliana. Samy nentin-katezerana izy ireo ary tsy nahatana ny fihetsiny intsony ka raikitra ny vono sy daroka nataon'izy roa lahy tamin'io lehilahy iray niara-nisotro toaka taminy io ihany ary dia niafara tamin'ny fahafatesan' ilay io izany avy eo. Fantatra fa samy avy ao amin'io tanàna Besavoa io avokoa izy telo lahy ireto. Efa nampandrenesina mikasika ity zava-nitranga ity ny mpitandro filaminana tany an-toerana ka tonga nidina ifotony. Efa nosamborina ireo nahavanon-doza ary efa nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana. Efa nisy ihany koa ny fandaminana nataon'ireo tompon-andraikitra tany an-toerana mba tsy hitaran'ity raharaha ity. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Alakamisy Itenina

# Mpianatra tsy mety hihira ny hiram-pirenena, niteraka savorovoro tao an-tsekoly

Saika niteraka savorovoro ny fihetsika nataon'ireto mpianatra 5 mianadahy avy amin'ny antokom-pivavahana zandriny tao amin'ny Kaominin' Alakamisy Itenina, distrikan'i Vohibato, faritra Matsiatra Ambony. Tsy nety hihira ny hiram-pirenena izy ireo isaky ny fananganan-tsaina. Voalazany fa fanompoan-tsampy izany ka rehefa mandeha ny hira dia mitokona fotsiny izy 5 mianadahy. Tezitra araka izany ny tompon-andraikitry ny sekoly satria mandika ny fitsipika ireto mpianatra ireto ka voatery nandraisana fepetra. Voatery nampiatoana tamin'ny fianarana mihitsy ireo zaza. Tsy nijanona teo anefa ilay tranga fa tonga hatrany amin'ny ray aman-dreny sy ny fiangonana izay hivavahan'ireto mpianatra.

**Mpanabe**

«Tao anatin'ny fotoana vitsy dia nisy olana teo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny antokom-pinoana iray. Avy ao amin'io fiangonana io ireto mpianatra mianatra ao amin'ny lisea sy CEG ao Alakamisy Itenina. Araka ny fanadihadiana natao dia tsy mety mihira ny hiram-pirenena malagasy izy ireo noho ny fahatsapana fa fanompoan-tsampy izany, koa dia nanda mafy izy ireo ary nisafidy ny tsy hanatrika ny fananganan-tsaina intsony. Nanapa-kevitra koa ny mpanabe fa rehefa tsy hanaraka ny fitsipiky ny sekoly izy ireo dia nomena fiatoana herinandro. Tsy nampihemotra ireo mpianatra ireo anefa izany. Marihina fa nisy iraky ny foibe an'ilay fiangonana sy ny mpisolo vava ary vadintany mihitsy nanao amboletra hamerina ireo mpianatra ireo an-tsekoly, araka ny tatitra an-taratasy nataon'ireo mpampianatra. Ny nahavariana tamin'ny alatsinainy maraina tamin'ny fananganan-tsaina dia tsy nisy nihira ihany koa ny mpianatra rehetra. Ny mpanabe anefa etsy andaniny mikasa ny haneho firaisan-kina ka tsy hampianatra raha toa ka tsy hanaja ny fitsipika ireo mpianatra ireo. Andrasana ny tohiny.

**Ariel D.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 936 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

### Lasopy trondro sy ovy

**Zavatra ilaina :** trondro maina na lena izay tianao ½ kg, ovy ½ kg, tongolo gasy 6, sakay kely raha tianao,, persily, tamotamo 1 sotro kely, menaka, sira, dipoavatra, tongolo be 2, lafarina 1 sotro be

Diovy tsara ny trondro. Maka menaka ataovy anaty vilany dia raraho ao ny persily notetehina madinika. Aza adino ny sira, sakay, tamotamo, dipoavatra. Ataovy eo ambony ny ovy sy ny trondro dia raraho lafarina. Ary dia alaharo torak'izay hatrany hatrany ny ovy sy ny trondro. Asio rano hatraty amin'ny farany ambony. Saromy dia andrahoy tsara. Rehefa masaka dia arosoy mafana ka azo hanina amin'ny vary. Tena mahasalama amin' izao ririnina izao.

Toliara

# Mpangalatra tratran'ny mpianatra, maty nodorona velona

Nahatsiravina ny tranga niseho tao amin'ny faritra ny anjerimanontolo Maninday Toliara, ny alin'ny alahady teo. Tratran'ny mpianatra ny mpangalatra iray ka tsy namelan' izy ireo raha tsy maty. Nodorana velona io olon-dratsy io rehefa avy nanamparan'ireto mpianatra ny hatezerany. Tsy tratran'ny mpitandro ny filaminana intsony ny raharaha fa ilay olona efa kila forehitra no novantanina teny an-toerana. Maty may kila araka izany ilay olon-dratsy ary tratra tany aminy ny fitaovam-piadiana izay nentiny nanafika. Raha zohina dia avy nanao fanafihana tao amin'ny « campus universitaire » Maninday akaikin'ny ENS, ilay jiolahy no voasambotra, afakomaly alina tokony ho tamin'ny misasakalina.

**Azo sambom-belona**

Nitondra basy poleta vita gasy izy tamin'izany ka mpianatra avy amin'ny sampam-piofanana « *M2 filière philosophie* » no lasibatra. Anisan'izany ilay mpianatra mipetraka ao amin'ny « *bloc 57* », kartie Palestine sy ny mpianatra iray « *L1 en philosophie* », izay mipetraka ao amin'ny « *bloc 63* » kartie « *présidence* » ary ny vehivavy mpianatra « *M1 en agronomie* » ao amin'ny « bloc 52 ». Tsy nisy zavatra very akory na lasan'ity jiolahy ity saingy azo sambom-belona izy rehefa nifanenjehan'ireo lasibatra. Taorian'izay dia nivondrona sy nivory ireo mpianatra tao Maninday rehefa nahare ilay tranga ka izao tonga hatramin'ny fandorana velona ilay mpangalatra izao ilay raharaha. Teo amin'ny kianja Maninday no novonoina, nodorana ilay jiolahy tokony tamin'ny misasakalina tany ho any, hoy ny loharanom-baovao. Nidina ifotony teny an-toerana ihany ny zandary saingy efa tsy nahatratra na inona inona intsony fa ilay jiolahy efa maty kila no hitan'izy ireo.

**Ariel D.**

Befandriana Avaratra

# Trano 13 kila hotohoton' ny afo

Nisehoana haintrano tany amin'ny tanàna iray 10 kilometatra miala ny distrikan'i Befandriana ny alakamisy lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany antoandro. Trano 13 isa no may kilan'ny afo tsy nisy noraisina. Ny afo efa nijoalajoala no hitan'ny olona ka samy nanao izay ho afany tamin'ny famonjena ny rehetra saingy tsy nahitam-bokany izany satria tsy nisy avotra ny entana rehetra tao anatiny. Araka ny vaovao dia fifampikasohan'ny herinaratra vokatry ny fampiasana "plaque solaire" napetraka tany ambony tafon-tano no niandohan'ny firehetana. Tsy voafehy ny afo ka niitatra tamin'ny trano teo akaikiny dia izao nahamay ireo trano am-polony ireo. Fantatra fa nisy mpampianatra ihany koa anisan'ireo niharam-boina tao ka voalaza fa may avokoa ireo fitaovana ampiasaina momba ny fampianarana. Soa aloha fa tsy nisy ny aina nafoy nandritra ity firehetana ity.

**T.H**

**AVIS DE MODIFICATION**

D'après la décision des associés, la société **MEVANIRINA SARL**, suivant procès verbal enregistré au CF AVARADRANO "B" Ambohimangakely : de F°57 N°218 Vol AC/31B et F°57 N°219 Vol AC/31B du 08/02/23 pour

- Adhésion de nouvel associé, démission d'un associe
- Nomination de nouveau Gérant : Monsieur ZHANG ZHAOBIN
- Cession de part social.
- NIF: 2 012 410 165 Stat: 46101 11 2022 0 11408 RCS: 2022B01365

G-CL431/1-1

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Misy ve ?*




## Hatsikana an-tsary

*Mandoro vola*




## Masoandro Miposaka

**Marka 4 : 39**


Ary nifoha Izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangina, mitsahara. Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ny mpanota maniry ny andro ho maizina ; kanefa ny jamba tsy azo ahoana.**

Les malfaiteurs recherchent l'obscurité ; mais les aveugles l'ont (ou : y sont) sans le vouloir.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2880

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | | | | 1 | 5 | | | 4 |
| | | | | 7 | | | 5 | |
| | | 4 | 2 | | 3 | 1 | | |
| | 2 | | 3 | 6 | | | | |
| | 7 | 8 | | 5 | | 9 | | |
| 5 | | | | | | | 8 | |
| | 6 | | | | 2 | | 7 | |
| | 9 | | | | | | | |
| | 1 | | | | | 5 | | |

Valin'ny laharana 2879

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 3 | 8 | 7 | 2 | 4 | 6 | 1 | 5 |
| 5 | 7 | 4 | 6 | 9 | 1 | 3 | 2 | 8 |
| 6 | 1 | 2 | 3 | 8 | 5 | 9 | 4 | 7 |
| 4 | 8 | 5 | 1 | 3 | 2 | 7 | 9 | 6 |
| 1 | 2 | 6 | 9 | 7 | 8 | 4 | 5 | 3 |
| 7 | 9 | 3 | 4 | 5 | 6 | 1 | 8 | 2 |
| 3 | 5 | 7 | 8 | 4 | 9 | 2 | 6 | 1 |
| 2 | 6 | 9 | 5 | 1 | 3 | 8 | 7 | 4 |
| 8 | 4 | 1 | 2 | 6 | 7 | 5 | 3 | 9 |

Fifidianana Filoham-pirenena

# Kandidà 10 no efa hita taratra, telo no efa nanao fanambarana

*Kelikely bala an-tànana ka tsy afa-manao tifitra variraraka mialoha toy ny hafa fa miandriandry izay fotoana heverina ho mety ny mpanao politika sasany.*

Mifantoka any amin'ny fifidianana filoham-pirenena hotanterahana eto amin'ny firenena amin'ny volana novambra izao ny saina aman'eritreritreritr'ireo vondrona politika isanisany ankehitriny. Efa eny an-tanimboanjo tanteraka ireo malaza ho kandidà sy efa nanao fanambarana fa hilatsaka. Mipoapoaka ny famoriambahoaka sy fanentanana ary fizarazaran-javatra ao anatin' izany rehetra izany. Tsy voarara moa ireny fisehoana fanairana na « pré-campagne » ireny satria dia tsy misy lalàna mamariparitra ny fanatanterahana azy ka dia samy manao izay saimpantany avokoa ny rehetra. Hatreto, kandidà 11 no efa hita taratra dia : Gérard Andrialemirovason, Marc Ravalomanana, Hery Rajaonarimampianina, Siteny Randrianasoloniaiko, Hajo Andrianainarivelo, Paraina Auguste, Andry Raobelina, Roland Ratsiraka, Ny Rado Rafalimanana, Laza Razafiarison. Telo amin'ireo kosa no efa nanao fanambarana fa hilatsaka dia Marc Ravalomanana sy Paraina Auguste ary Gérard Andrialemirovason. Etsy andaniny kosa anefa dia maro no mbola mangingina tanteraka. Angamba tsy dia tena hoe hendry be fatra-panaja lalàna sy fitsipika fa mety ho kelikely bala an-tànana ka tsy afa-manao tifitra variraraka mialoha toy ny hafa fa miandriandry izay fotoana heverina ho mety.

**Takalom-patsa**

Tsy mbola nety voadinika akaiky hatramin'izao moa ny amin'ilay resaka famatsiambola ny fampielezankevitra kanefa dia samy miaramiaiky ny rehetra fa tokony hisy ny fepetra ifehezana azy. Tsy mifandanja eo amin'ny ho enti-mihetsika mantsy ny kandidà isanisany hany ka izay manan-katao sy izay afa-mampiasa ny fahefana amam-pitaovam-panjakana ihany no mahazo vahana. Ary etsy andanin'izay, mba mahalasa eritreritra koa ny hoe vola avy aiza daholo ary io ampiasaina sy ampiasain'ny sasany etsy sy eroa io. Ny vitsivitsy ihany no mba mpandraharaha fantatry ny maro ka hoe manam-bola be. Vola voaangona tamin'ireo fihetsiketsehana rehetra natao fony tao amin'ny fitondrana ve? Sa takalom-patsa vidim-pihinanana avy amina mpanana na vahiny te mba hahazo vahana raha mba lany soamantsara eo ilay kandidà? Tokony mba hazava daholo ny amin'ireny. Etsy andanin'izany rehetra izany, azo ambara ho sedra mahamay ho an'ny vondrona politika tsirairay io fifidianana filoham-pirenena io. Eo no hahitana izay fankamamian' ny vahoaka malagasy na fitsipahany azy.

**Mamy R.**

Fifidianana Ben'ny tanàna

# Takian'ny antoko MMM ny hamoahana ny daty

Nijanona fotsiny tamin'ny famohana ny vinavinan'ny datim-pifidianana filoham-pirenena ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na CENI. Manoloana izany dia mahatsapa ny antoko Malagasy Miara-Miainga (MMM) fa tsy mbola feno anefa izany tetiandro izany satria araka ny voalazan'ny andininy faha-240 ao amin'ny lalàna laharana 2014-020 dia tokony ho tanterahana amin'ity taona 2023 ity ihany koa ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy Mpanolontsainan'ny tanàna. Takian'izy ireo araka izany ny hamoahana ny datim-pifidianana momba ny eny ifotony. « *Angatahanay ny famoahana ny daty hanatanterahana ny fifidianana Ben'ny tanàna, izay iankinan' ny fampivoarana eny ifotony sy fanamafisana ny fitsinjaram-pahefana* », hoy ny fanambarana nataon'ny antoko MMM. Manamafy ihany koa izy ireo, fa na dia efa dingana lehibe aza no vita momba ny vinavinan'ny tetiandro hanaovana ny fifidianana filoham-pirenena, dia mbola betsaka ireo fikarakarana tsy tomombana sy tsy fanarahandalàna tsikaritra ao anatin'ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana. Etsy andaniny, misy ihany koa ireo didy amandalàna tokony havaozina, sy hanatsaràna ny tontolo manodidina ny fikarakaràna ny fifidianana. Mahatsapa ny antoko MMM tsy mbola tara izao raha misy tokoa ny finiavana, hanarenana izany rehetra izany, mba hifidianantsika izay ho Filoham-pirenena, Ben'ny Tanàna, ary Mpanolontsain'ny tanàna, hikarakara ny fampandrosoana ny firenena sy ny tanàna amin'ny dimy taona sy efatra taona manaraka.


**JUDD**

Raharaha Rolly Mercia

# Ho fantatra anio ny didim-pitsarana momba azy

Anio 14 febroary no fotoana nomen'ny fitsarana fa hamoahana ny didy momba ny raharaha mahavoakasika ny minisitra teo aloha Rahajason Harry Laurent na Rolly Mercia. Ny talata 7 febroary lasa teo izy no niatrika ny mpitsara tetsy Anosy. Raha tsiahivina, resaka fijoroana vavolombelona izay voalaza, fa tsy marina nataony tamin'ny raharaha teo anivon'ny fitsarana frantsay no anenjehana azy amin'izao. Efa nilaza ny Me Rafidison Eric fa resaka politika tanteraka no fototry ny fanenjehana sy ao ambadik' ity raharaha ity. Anisan'ny voatonontonona nandritra ny fihainoan'ny Mpitsara an'Atoa Rolly Mercia teny amin'ny fitsarana ny vadin'ny Filoha teo aloha tamin'ny fitondrana HVM. Namamafy ity mpisolovava ity fa tsy manara-dalàna ny zavatra ataon'ny fitsarana mikasika izany. Raha ny tokony ho izy hoy izy, dia hilaza ho tsy mahefa hitsara ity raharaha ity ny fitsarana eto an-toerana. Any amin'ny fitsarana miady amin'ny kolikoly na PAC no tokony handray an-tanana ity raharaha ity.

**JUDD**




## Marina izany !

### Nampihoron-koditra !

**Mampihoron-koditra ny endrika isehoan'ny tsy fandriampahalemana eto amintsika. Saika isan'andro no andrenesana na ahitana herisetra andratrana na amoizana ain'olona . Ny antony, na vokatry ny hetraketraky ny jiolahy na noho ny lozam-pifamoivoizana. Ny akaiky indrindra nampihoron-koditra dia ny famonoana ilay zaza tsy manan-tsiny, tetsy Andavamamba, tamin' ny faran'ny herinandro lasa teo. Vono olona feno habibiana niteraka resabe. Tao ny avy hatrany dia nampifandray ny zava-nisy tamin'ny resaka pôlitika. Nisy ny nampifandray ny tranga ho lonilonim-piarahamonina. Antenaina fa ho fantatra tsy ho ela ny marina mahakasika io herisetra io, noho ny fanadiha-diana voalaza fa efa misokatra. Misy mihitsy no efa voasambotra amin'ireo ahiahiana ho namono. Ny firongatry ny tsy fandriampahalemana izay resahina ombieny ombieny fa sady mampitaintain-dava no mahatonga ny olom-pirenena hiraviravy tanana amin'ny fanatanterahana ny asany andavanandro. Manoloana izany dia maro ny fanontaniana manitikitika ny saina : Nahoana no mirongatra ny asan-jiolahy? Ny fitaovana enti-miatrika azy ireo ve no tsy ampy sa ny olombelona ? Sa ny fahavononana hiady amin'io fanentriben'ny firenena io ? Rehefa nijery ny zava-nisy teny amin'ny lalana mihazo ny seranam-piaramanidina Ivato, tamin'ny asabotsy lasa teo dia voavaly ny fanontaniana fa ny olombelona misy ihany fa iraka hafa mihitsy no ampanaovina azy ireny matetika. Na izy ireny manao asa fiambenana orinasa tsy miankina matanjaka, na ampidirina lalina amin'ny resaka pôlitika, izay iarahan'ny rehetra mahalala fa tsy andraikiny. Hany ka latsa-danja, mba tsy hilazana hoe hadino ny fiarovana ny olombelona sy ny fananany!**

Voahangy Rakotozafy

Hery Rajaonarimampianina - Fifidianana

# Miezaka mampitambatra sy mandresy lahatra ireo mpanara-dia azy

Ambetin-tenin'ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina tao anatin'izay andro vitsivitsy nahatongavany teto an-tanindrazana izay ny amin'ny fifanomezan-tanana sy ny firaisankina ary ny fampihavanana eo anivon'ny Malagasy ary nasiany tsindrim-peo manokana ireo nandritra ny fihaonany tamin'ireo mpikatroka HVM teny Andraharo, omaly. Araka ny fanazavany, zava-dehibe izany satria antoky ny fiverenan'ny fitoniana sy filaminana eto Madagasikara. Manana ny lanjany ihany koa ireo, araka ny filazany hatrany, indrindra eo amin'ny fiatrehana ny fanarenana sy ny fampandrosoana ny firenena. Mifanindran-dalana amin'izany, miezaka mpampitambatra sy mandresy lahatra ireo mpanara-dia azy Ing. Hery Rajaonarimampianina amin'izao fotoana izao. Omaly, tsy nivilivily intsony ity laharana voalohany ao amin'n'ny HVM ity raha niantso ireo akanga sisa nanamborana eo anivon'ny antoko mba hifanohana sy tsy hanaiky iharan'ny fizarazarana fa hahay hifampiresaka ho tombontsoa ambonin'ny firenena. Mikasika ireo olon'ny Hery Vaovao ho an'i Madagasikara nisintaka indray, dia nanainga azy ireo mba hiverina andoharano ity laharana voalohany eo anivon'ny antoko ity.

**Mamy R.**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Muay thaï - Taom-pilalaovana 2023

# Hetsika maro no miandry ny federasiona

*Efa fantatra kosa fa amin'ny tapaky ny volana marsa no hanaovana ny fifaninanana nasionaly.*



Nandritra ny hetsika fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny Muay-thaï.

Maro ny hetsika miandry ny federasiona amin'ity taompikatrohana ity, raha tsy hitanisa afa-tsy ny festival de Muay Thaï, tanterahana any Thaïlande amin'ny desambra 2023. Io no nambaran'ny filohany, Rakotoalizao Hainatiana, nandritra ny fankalazana ny andro Iraisampirenena ho an'ny Muay-Thaï. Eo ihany koa, hoy izy ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, ho an'ny sokajy juniors, ny ho an'ny universitaire "FISU", ary ny "combat titre". Ezahana ny handehanana amin'ireo, hoy ity filohan'ny federasiona ity, izay hangatahana sahady ireo mpanohana na orinasa. Efa tamin'ny 9 desambra 2013 nitsanganany hatramin'izao, mahatsapa ho toy ny zaza tsy feno ihany ny FMMT, hoy ingahy Hainatiana, satria na dia manan-talenta aza ny ankizy, tsy afaka miatrika fifaninanana Iraisam-pirenena, noho ny tsy fahampian' ny hoenti-manana eo anivon' ny federasiona, izay hangatahana fanohanana avy amin'ny fitondram-panjakana. Efa fantatra kosa fa amin'ny tapaky ny volana marsa no hanaovana ny fifaninanana nasionaly, izay eto Analamanga ihany aloha ny hanaovana azy. Raha hiverenana, tetsy amin'ny espace Fahasoavana, no nanaovana ny fankalalazana ny andro Iraisam-pirenena ho an'ny Muay thaï. Ny Muay Thaï Boran sy ny Muay Thaï Consul, izay fampisehoana fampianarana anaty klioba fa tsy eny andalambe ary ny fighting no nanamarihana izany, izay nahitana katrokady miisa 12. Taorin'izany, niditra tamin'ny fety ireo rehetra tonga tetsy Ambohidrapeto, izay tazana teny antoerana nanome voninahitra ity lanonana ity, ny ben'ny tanàna Ambohidrapeto sy ny ben'ny tanàna Andranonahoatra, ity farany, izay nampirisika ireo tanora hanao Fanatanjahantena. Fotoana nentina nanokafana ny taom-pilalaovana ihany koa moa ny tamin'io.

**Rabenaivo**

Lomano - Analamanga U-13

# Ankizy 225 no nifaninana tetsy Ampefiloha

Tontosa ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny dobo filomanosana ANS Ampefiloha, ny fiadiana ny tompondakan'Analamanga, ho an'ny latsaky ny 13 taona, taranja Lomano. Miisa 225 avy amin'ny klioba 15 no nandray anjara tamin'izany, ka ankoatra ny teto Analamanga, nisy klioba roa, CNCE avy any amin'ny ligin'Atsinana sy ny klioba AMI avy any Vakinankaratra, no tonga nifaninana. Nahatratra 32 no isan'ny hazakazaka, saingy tsy nisy aloha no nahavita nanamontsana zava-bita na ihany koa nanatsara fe-potoana. Marihana, fifaninanana nitiliana, izay handray anjara amin'ilay "Meeting d'Analamanga" iny hetsika teo iny, hatao ny 4-5 marsa eny amin' ny dobo filomanosana Esca, ka ny fe-potoana sy ny "minima" no namaritana ny "qualification". Tsiahivina, fa misokatra ho an'ny sokajy rehetra ilay "Meeting", ary hisy mpilomano avy any amin'ny faritra Boeny, Atsinanana, Vakinankaratra ary Atsimo atsinanana, handray anjara amin'izany.

**Rabenaivo**

Kitra - " UEFA Champion's League "

# Hifandona ny PSG sy ny Bayern de Munich

Hiditra amin'ny ampahavalon-dalana anio any Eorôpa any ny fiadiana ny « UEFA Champion's League », taranja baolina kitra. Fihaonana roa no hatao, ka isan'ny hanamarika izany, ny lalaon'ny Paris St Germain sy ny Bayern de Munich, hatao ao amin'ny Parc de prince Frantsa. Azo lazaina, fa lalao hiady izy ity, betsaka rahateo no miandry izany, ka tombanan'ny maro fa izay tsara tetikady sy vovokaina hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany no tombanana hivoaka mpandresy. Mbola ady tsy vita ihany koa, ny lalao faharoa, izay hifanandrinan'ny Ac Milan sy Tottenham. Na dia samy klioba tsy napetraka « favori » aza izy ireto, dia sangany avokoa satria dia tsy ny rehetra no tonga amin'izao dingana izao, fa ireo ekipa mafy sy matanjaka. Mety hisy ihany anefa ny vokatra tsy ampoizina amin'ity, ka na ny klioba Italiana, izay miverina tafiditra anatin'ny ampahavalon-dalana izao, dia efa fambara vaovao ary mety hahavita fahagagana ihany koa hiakatra any amin'ny dingana ambony kokoa. Ankilany, ity ekipa Anglisy ity, dia manana ny fahaizamanao mampiavaka azy, ary efa nanambara fa vonona handrodana izay klioba mifanehatra aminy.

**Rabenaivo**

Kitra - Tompondaka " OPL 2022/2023 "

# Hiakatra kianja ny Fosa Juniors sy ny ASA, COSFA, DATO FC, TFFC, CFFA

Ho feno ny fandarahandalao amin'ny andro faha-6 amin'ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenena "OPL 2022 / 2023" amin'ny faran'ny herinandro izao. Misy aza anefa naroso mialoha amin'ny alarobia 15 febroary 2023, dia ny fihaonan'ny Fosa Junior FC Boeny sy ny ASA Diana, eny amin'ny kianja CNaPS Vontovorona. Fantatra fa hiakatra ankianja avokoa ireo ekipa tsy niatrika lalao tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo iny, izay nambara fa nanombohana ny fifaninanana tamin'ny andro faha-5. Tsiahivina fa noho ny haratsian'ny làlana mankany Mahajanga (RN 4) sy Antsiranana ( RN 6), dia voatery nofoanana fa ahemotra avokoa ny fihaonana tokony nataon'ny Fosa Junior FC sy ny TFFC avy any Boeny ary ny ASA avy any Diana. Tahaka izao ny fandaharan-dalaon'ny andro faha-6 amin'ny faran'ny herinandro izao, izay manomboka amin'ny 2 ora sy 30 mn avokoa : *Sabotsy 18/02/2023* : Kianja Ambohidratrimo : Ajesaia Bongolava # Tia Kitra Atsinanana (C.N) – Kianja Mahitsy : Cosfa Analamanga # AS Fanalamanga Alaotra Mangoro (C.N) ; Kianja By Pass : Disciples FC Vakinankaratra # Jet Kintana Itasy (C.S) ; *Alahady 19/02/2023* : Kianja Alarobia : Uscaf Analamanga # Fosa Jr Boeny ; Kianja Ambohidratrimo : Tffc boeny # Asa Diana ; Kianja Ampasambazaha : Zanakala FC Matsiatra Ambony # Cffa Analamanga ; Kianja Manakara : Dato FC V7V # 3 FB Toliara Atsimo Andrefana ; Kianja By Pass : Elgeco Plus Analamanga # Mama FC Ihorombe.

Tahaka izao kosa ny filaharana vonjimaika tamin'ny andro faha-5 : "*Conférence Nord*" : 1°/ Fosa Jr FC (isa : 12) – 2°/ Uscafoot (8) – 3°/ Cosfa (8) – 4°/ Ajesaia (7) – 5°/ AS Fanalamanga (7) – 6°/ Tia Kitra FC (3) – 7°/ Asa Diana (2) – 8°/ Tffc (1) ; "*Conférence Sud*" : 1°/ Mama FC (8) – 2°/ Cffa (7) – 3°/ Disciples FC (7) – 4°/ Elgeco Plus (7) – 5°/ Zanakala FC (7) – 6°/ Jet Kintana (7) – 7°/ Dato FC (6) – 8°/ 3 Fb Toliara (1). Marihina fa misy amin'ireo ekipa ireo vao ny andro faha-4 no vitany.

**aris rafaly**

"Union des Journalistes Sportifs de Madagascar"

# Feno herintaona sy tapany nitsanganana sahady

Nifamotoana teny amin'ny foiben'ny Akademiampirenena momba ny Fanatanjahantena (ANS) Ampefiloha ny mpitantana sy ny mpikambana ao amin'ny " *Union des Journalistes Sportifs de Madagascar* " tamin'ny asabotsy lasa teo, izay feno herintaona sy tapany sahady no nitsanganany teto amin'ny firenena. Raha oharina amin'ny zaza ny UJSM dia toy ny vao miana-mandeha, kanefa raha tarafina tamin'ny dingana vitany dia efa betsaka, izay nomarihan'Atoa Serge Rasanda Filohany, fa mahavelombolo ny hoavin'ny fikambanana. Ho fanatsarana ny asa dia nisy ny fampiofanana anaty, nataon'ny zokiolona tamin'ireo zandriny, izay marihina fa mihamaro hatrany amin' izao fotoana izao. Amin'ity taona ity dia fantatra fa hisandrahaka ny fanofanana ataon'ny federasionina, izay anisan'ny lesoka ny tsy fahampiany kanefa ny lalàna mifehy ny taranja arapanatanjahantena dia misy fanovàna sy fanatsaràna hatrany ka tokony ho araky ny mpikirakira vaovao. Nanteriny fa matotra ny fiahara-miasan'ny UJSM amin'ny Section / Ligy / Federasionina sy ny fikambanana isan-karazany, mikirakira taranja ara-panatanjahantena, ka irariana ny hitarany sy hahombiazan'izany hatrany. Soritana fa ny mpikambana ao amin'ny UJSM, izay efa manodidina ny 70 ny isany eto andrenivohitra, dia tsy vitan'ny manoratra an-gazety sy mitantara amin'ny haino aman-jery ny taranja ara-panatanjahantena fotsiny ihany fa mandray anjara mivantana amin'ny fifaninanana sy ny fanasana azon'izy ireo (kitra – basket – kanetibe – atletisma...). Koa ho an'ireo manam-paniriana ny hanao lalao ara-pirahalahiana sy fihaonana aminy, dia aza misalasala miresaka mivantana amin'ny mpikambana sy ny mpitantana ao amin'ny UJSM. Ankoatra ny fivoriambe natao, nitaterana ny zava-bita sy mbola miandry ny UJSM, dia nofaranana tamin'ny fiarahana misakafo sy fialàna hetaheta ny fotoana, ho mariky ny fifampiarahabana tratry ny taona vaovao. Isaorana manokana etoana ny orinasa STAR, nanolotra ny zava-pisotro, ny raiamandreny mpitantana klioba sy federasionina sasany, namatsy ara-bola nividianana sakafo, ary ny mpitantana ny ANS, nampiantrano ny fivoriana.

**aris rafaly**



Ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny UJSM ! (Sary a.r)